## NY TENY FIAINANA

Ny Baiboly Malagasy

*"Moa Andriamanitra va no hampianarim-pahalalana, nefa Izy no mitsara ny any an-danitra aza?"*

***Joba 21:22***

facebook NY VALOSOA Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy) VAOVAO

## Ny hevitry ny olona momba ny fitrosana vola hanaovana teleferika



**Michel Razafy :** 151 millions d'euros vola hindramina hanaovana téléphérique ? Dia minoa ahy ianareo, fa hifarana ohatran'ireo airbus Airmad, sy ilay avion militaire ihany koa io satria nahoana ? Fepetra COFACE no nekena hanaovàna Sonia, satria maika ny werawera, tsy misy fieritreretàna ! 25% an'io 151 millions d'euros io ny ASSURANCES NOSONIAVINA TSY MAINTSY ALOA, raha tsy mahaloa ny mensualité ny vola TOKONY HAVERINA ! Mba olona IZA no nampiditra kizo ny firenena lava tahaka izao e ? Ny fahotàna lehibe teo aloha tsy ela akory ireo fiaramanidina mbola handoavana penalités hatramin'izao, na dia tsy nahitàn' ny vahoaka tombony na IRAY andro akory aza, dia izao hiditra kizo hafa indray, NOHO NY WERAWERAN'OLONA IRAY TSY MAINTSY MANDEHA! Fantaro fa ny assurances de prêts any Frantsa raha hindram-bola amin'ny banques ianao dia tsy mihoatra ny 5% raha be indrindra raha olona atahorana tsy aloa tamberim-bola aza izany. Matoa nataon'ny Frantsay 25% ny 151 millions ny assurances amin'io vola hindramina io dia mazava, fa TSY SOLVABLE ILAY OLONA MA-NAO SONIA, KA mila garanties mavesatra ny mpampindrana. Iza anefa no hibaby izany trosa sy sazy izany ? ny vahoaka malagasy ihany, izay tsindriana amin'ny vesatra hetra sy taxes maro angatahana aminy isanandro, na dia hividy anana eran'ny tanana aza izy : fantaro fa misy taxes de valeurs ajoutées daholo izay vidiana rehetra na mandoa hetra amin'ny asa ianao na tsy an'asa aza.

**Misié Safidy :** amiko tsy laharampahamehana aloha io téléphérique io. Tokony raha hisy aza ny possibilités dia aleo mba ny fanarenana ny firenena ary ny fijerevana ifotony ny fiainam-bahoaka no himasoana; ny effet an'ny covid , ny kere, ny fiatrehana ny pesta, ny famoronana asa, famelomana ireo orinasa Malagasy, mba hisian'ny asa ary hamerina ny hasiny. Tsy contre io téléphérique io aho akory, fa tsy mbola fotoanan'izany izao... Fanarenana ny firenena aloha izay vao haitraitra.

**Gaelle Abdullah :** ny tian'ilay olona ngamba hoe ho tolorana vary sy laoka isanandro d Zay VO tsy himenomenona tsony rehef tsy i demerda ze ho haninao ianao d matesa eo fa n'a Iza no nitondra teo tsy mbola nisy niteny zany hoe mora ny fiainana! ry titine tsy maintsy miteny foana.

**Di Ranaivo-Son :** Gaelle Abdullah : amzao zavamiseho eto am firenena zao ve dia teleferique no itrosana? Otran hoe tsy manambola andoavana ekôlazy dia mitrosa écran plat. Kely atidoha mitovy am mpanohana azy.

**Gaelle Abdullah :**Di Ranaivo-Son : to tsy vôla baba nao ze tiany io ko!

**Tovo Gaetan :** Gaelle Abdullah : fa n famerenana io trosa io zan aminw ts mba ieritreretina fa rehef mbola miasa enw d mangina f'aza d manw fanatika b fahatany, enw no matesa voalohany!

**Rakotonarivo Vincent Dp :** Gaelle Abdullah : aza ambaniana otran'zany ny malagasy, anjara asan'ny PRM nga ny mizara vary sy laoka. Ary nisy malagasy nitaky an'zany ve. Tsorina aminao fa nahamenatra ny malagasy iny nilahatra vatsy tsinjo iny, fa efa tratran'ny tsy fidiny sy tsy azo anoharana, ka zara aza misy harapaka.

**Raviky Tord :** zah kosa aloha na iza hiteny amiko hoe tsy tia fandrosoana tsy raharahako. Fa tena laharampahamehana ho an'ny vahoakanao ve lay zavatra hitrosanao. Eto an-tanàna ary mba hataovy jery todika. Aiza ho aiza ilay Bus Class diaa firy isan-jaton'ny vahoaka madinika no hiditra amin'iny raha izao vidimpiainana izao. Tsy aleony ve mihafy kely ao amin'ilay frais 500ariary. Mila afahana ao anaty fahantrana ny firenena sy ny vahoaka ao aminy, vao tokony hiroso amin'io tetikasa io. Sao tonga amin'ilay fitenenana hoe " MITOMANY RANDRANA MANENDRIKA NY HAFA ISIKA".

**Didi Rabary :** amiko amin'ny fo tsy miangatra no tsy mitanila, tsy hitako ary tsy hamaha olana velively ny fisian'io téléphérique io, natao inona izao ilay Coliseé? Ohatrinona ny vola nolaniana tamin'io? Misy herinaratra ampiodinana an'io ve, maninona tsy ny délestage no vahana? Mba misy mpanolotsaina ihany ve io PRM io sa dia mpanipy hoditr'akondro no betsaka? Iza avy no hisitraka io téléférique io? Ireo sarambabem-bahoaka tsy mahatakatra akory ny Busclass?

### RUGBY FARAN'NY HERINANDRO

## Hifandimby ny "Championnat Federal 1 sy ny Sénior vehivavy"

Hifandimby hanaraka ny "Championnat Division 1 feminine", sy ny "championnat federal 1lehilahy " amin'ity faran'ny herinandro ity, ny mpitia baolina lavalava eny amin'ny kianja Makis Andohatapenaka. Fandaharam-potoanan'ny D1 vehivavy sabotsy 25 septambra 2021 : 13:00-Scb Besarety # Ftvl Lalamaty, 15:00-3Fb Fahasalamana # Ftfa Antohomadinika. Fandaharan-dalao andro faha-4 Doppel Top 20 lehilahy , alahady 26 septambra 2021 : 09:00-Tfa Anatihazo # Ftba Andohatapenaka, 11:00-Usa Ankadifotsy # Fta Andavamamba, 13:00-Ftm Manjakaray # XV Fa Ampasika, 15:00-Scb Besarety # Uasc Cheminots.

***Rainilita***




***Rugby Doppel Top 20 teny Andohatapenaka.***

### Taranja Judo, lavo ny andrarezina

## Nodimandry teo amin'ny faha-86 taonany i Maître Louis Andrianaivo

Misaona indray ny tontolon'ny fanatanjahantena malagasy, lavo ny andrarezina, nodimandry teo amin'ny faha-86 taonany tamin'ny alatsinainy 20 septambra 2021 lasa teo i Maître Andrianaivo Louis (Ordre National Malagasy), fantadaza teo amin' ny taranja judo. Izy no Malagasy voalohany nandrombaka ny medaly volamena tamin'ny fiadiana ny ho tompondakan'i Afrika natao tany Tunisie tamin'ny taona 1968. Fantara teo amin'ny sehatra fitantanan-draharahampirenena koa ny tenany fony fahavelony, fa efa nitana ny andraikitra ben'ny tanànan'ny kaominina ambanivohitr'i Betoho Anjomakely distrikan'i Manjakandriana. Ny gazety Ny Valosoa Vaovao dia mirary fiononana feno ho an'ny fianakaviany.

***Rainilita***



***Maître Andrianaivo Louis fony fahavelony.***

### Volley-ball – Tompondaka 1DM sy 1DF

## Eny Ankorondrano indray no hitohy ny fifaninanana anio

Hotohizana eny amin'ny kianja mitafon'Akorondrano indray manomboka anio alakamisy 23 septambra 2021, ny fifaninanana volley-ball fiadiana ny ho tompondakan'i Madagasikara 2021 sokajy 1DM sy 1DF, ka efa miditra eo amin'ny dingan'ny lalao 1/4-dalana ankehitriny izany fifaninanana izany. Fandaharan-dalao ho hita anio 1DF : 07:30-Steff'Auto 1 # Squad, 09:00-Bi'As # Steff'Auto 2, 10:30-Amvb # Asi, 12:00-Mvbc # Evbi. 1DM : 13:00-Gnvb 1 # Mama, 15:00-Gnvb 2 # Pole, 16:30-Cosfa # Geptoa, 18:00-Asi 1 # As Voara.

***Rainilita***



***Fifanintsanana teny amin'ny Akany Sambatra Itaosy.***